## Marathon international de Tana

# Tsy nisy nanelingelina ilay kenianina

Niditra nalalaka, nahazo ny laharana voalohany i Samy Kibet Kipkorir, teratany Kenianina, teo amin'ny Marathon international de Tana, andiany faha-14. Izany dia notontosaina teto amin'ny tananan'Antananarivo. 2 ora 24minitra sy 24 segondra no namitany ny 42,195 km ka, niambozonany ny medaly volamena.

Teo amin'ny laharana faharoa no nisy ny mpihazakazaka malagasy, Hajaniriana Andriamparany : 2ora sy 28 minitra 9 segondra kosa no nanaovany io halaviran-dalana io. Rakotomalala Jean de la Croix avy any Antsirabe no nandrombaka ny laharana fahatelo ary 2 ora sy 30 minitra 19 segondra, no fotoanany. Vao tetsy Mahamasina dia efa nisintaka ny peloton ilay teratany Kenianina. Hatrany am-boalohany ka hatramin'ny farany dia i Kibet Kipkorir no nitondra ny hazakazaka.

Tetsy Ampefiloha niazo an'Andavamamba dia mbola i Haja sy Prosper no nanaraka io vahiny. Teo amin'ny 100 metatra teo ny elanelana tamin'izany.

Nanomboka teny amin'ny digy izay hiazo an 'Anosipatrana dia i Fulgence sy Jean de La Croix indray no nanenjika ilay kenyana izay nihazakazaka irery tsy nisy tahotra. Teo Antanimena, efa nanakaiky ny 25 km hiazo an'Ankorondrano indray dia i Jean de la Croix irery sisa no nanakaiky ilay Kenianina, ary tany amin'ny 200 m tany no nannelanelana azy ireo.

Tetsy Ankazomanga nihazo ny Boulevard de l'Europe kosa dia efa nanalaka ny lalan'ilay teratany vahiny, ho any amin'ny fandresena.

Hatreny amin'ny 67 Ha dia mbola i Jean de la Croix hatrany no nitana ny laharana faharoa. Teny amin'ny CENAM no tapitra tanteraka ity mpihazakazaka avy any Antsirabe ity ka dia mora foana ho an'i Haja no niditra faharoa, taorian'ilay Kenianina.

Mpihazakazaka miisa 160 no nandray anjara tamin'ity andiany faha-14 amin'ny marathon international de Tana ity. Tsy dia tao loatra ny lafiny fitandroana ny fifamoivoizana. Saika ireo mpihazakazaka nitarika tany aloha ihany no voaaro hatramin'ny farany.

**NONO R**



*Nandeha irery i Kipkorir, ilay atleta kenyana (Afivoany)*

Malazon